Tanora TIM Analamanga
Vonona amin'ny fihaonambe eny Mahamasina ny sabotsy izao 2

# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 23 aogositra 2018 Laharana 804 Vidiny : 400 Ar

**Isaia 43:11** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an' izao tontolo izao, Madagasikara 19 aogositra 2018

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

HCC : kandidà miisa 36 no voatana 2

# Kandidà 10 tsy nahafeno fepetra



Kianjaben'i Mahamasina ny sabotsy izao 2

# Hirodorodo ny vahoaka



**TOVOVAVY MAHERY VINTANA** 6

## Maty na marary izay tovolahy miaraka aminy



**Oniversite Québec Trois-Rivières** 7

Hiara-hiasa amin'ny ministeran'ny fampianarana teknika amin'ny fanofanana tanora

**Boriboritany faha-5** 2

Nanavao ny biaraony ny Foko-TIM Ambatomaity

**20 taonan'ny Radio Feon'Imerina** 6

Seho ara-javakanto etsy amin' ny CCESCA ny sabotsy izao

**Daka kely**

Ho am-pahafolon'ny ao Mahamasina leitsy ny tao amin'ny Palais ry Boaikely a !

**Haitrano tetsy Anjanahary II-S** 6

## Niombona alahelo sy nitondra fanampiana ny CUA



## Ny Valosoa sy hadihady

# Kandidà 46 :misy ho sasa-poana manao sahamaina, fa tsy ho tompon-tanàna akory

Araka ny fantatra dia amam-polony ireo kandidà tsy nahafeno ny antontaratasiny na dia nanatitra izany teny amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana aza. Telo ambiefapolo (43) ireo kandidà nirotsaka tamin'ny taona 2013 ary folo no tsy afaka nifaninana ka nalaza indrindra ny « ni…ni », tsy namelan'ny vondrona iraisam-pirenena an-Ravalomanana Lalao sy Rajoeli- na Andry ho anisan'ny nofidiana. Teo koa ireo tsy ampy enim-bolana no nipetrahany teto Madagasikara, toa an'i Kolo Roger syJules Etienne izay samy nanolotra an-dRajaonarimampianina Hery. Iaraha-mahatadidy fa tafakatra tamin'ny fihodinana faharoa ny kandidà natolotry ny filoha Ravalomanana Marc, Jean Louis Robinson izay anisan'ireo manohana an-dRajoelina Andry amin'izao fifidianana izao. Sahiran-tsaina tokoa ny Malagasy amin'ny politisiana satria raha ny lojika dia tokony ho manohana izay nanolotra azy tamin'ny 2013 izy. Torak'izany koa ny nanolotra an-dRajaonarimampianina Hery tamin'ny 2013 dia tokony mbola manohana azy kanefa lasa mpifaninana aminy. Amin'ny fihodinana faharoa, angamba, raha tafakatra ity soavaliny tamin'izany ity. Vao miasa koa maizina ho an'ny olontsotra ny firotsahan'ireo praiminisitra nifandimby tamin'ity Repoblika IV ity, Ravelonarivo Jean sy Solonandrasana Mahafaly Olivier. Raha itsy voalohany aloha dia azo heverina fa tena hifanandrina amin-dRajaonarimampianina Hery satria toa tsy ara-drariny ny nanilihana azy teo amin'ny toerana naha-praiminisitra azy. Ny faharoa na dia lehiben'ny « governemanta miatrika ady » (gouvernement de combat) dia hitafa sarin'ady ihany no hataony amin-dRajaonarimampianina Hery satria tsy ho mpanohitra velively, hono, izy sady tsy misy olana velively eo amin'izy roalahy. Anisan'ny manampahefana ao amin'izao Repoblika IV izao nirotsaka ho kandidà koa ny filohan'nyAntenimieram-pirenena Rakotomamonjy Jean Max, ka ny antoko Leader Fanilo no nanolotra azy. Mbola tsy mazava aloha hatreto ny dikan'izao firotsahan'ireo lohandohany ao amin'izao fitondrana izao ho kandidà filoham-pirenena. Vao mainka mahavariana ny fisian'ny kandidà roa avy ao amin'ny antoko PSD, Bezaza Eliana sy Tsiranana Philippe, izay mahatonga ny mpandinika hilaza fa misy disadisa anatiny koa izany eo anivon'ity antoko ity tahaka izay hita ao amin'ny antoko politika maro eto Madagasikara. Misy Ratsiraka roa ihany koa, ny Amiraly Didier Ignace sy ny zana-drahalahiny Larovana Rolland, izay hifaninana amin'izao fihodinana voalohany izao. Ity zana-drahalahy moa dia nanao be fiavy toa ireny mpanao haiady"catch" ireny rehefa niditra teny amin'ny "coliseum" tamin'ny sabotsy lasa teo ary nanome toky ny mponina eto Antananarivo fa hanatsara ny tanàna amin'ny lafiny rehetra ka manantena fa tsy ho 1% toa ny tamin'ny 2013 intsony ny vato ho azony amin'ity fifidianana ity. Ny rahalahin-dray kosa, araka ny fantatra dia hampihavana ny politisiana rehetra ka raha lany eo izy dia ho ao anaty governemanta avokoa ny antoko rehetra izay nanolotra kandida. Tena ho sarotra tokoa ny fanatanterahana izany na dia ho tafita amin'ny dingana faharoa aza izy ka hanohana azy ireo antoko ireo satria tsapa amin'izao rivotra politika mitsoka izao fa tsy mbola vonona hihavana ny politisiana gasy. Ankoatry ny filoha am-perinasa dia eo ireo filoha roalahy izay efa nitondra, Ravalomanana Marc sy Rajoelina Andry Nirina. Ny iray voalohany dia tsara toerana tokoa ary tena mbola manantena azy hanavotra sy hampandroso ity Firenena ity izay olompirenena nahatsapa sy niaina ny zava-bitany. Ny iray faharoa kosa dia raha araka ny hita amin'ny haino aman-jery dia toa olona maro no tonga manatrika ny famoriambahoaka nataony tany amin'ny faritra tany. Manao hetsika sy mitory azy eny amin'ny fitsarana kosa anefa etsy an-kilany ny fikambanana sasany izay mety hampihozongozona ny filatsahan-kofidiany raha hamoaka didy manameloka ny fanonganam-pajakana nataony tamin'ny 2009 ny fitsarana. Tsy maizina amin'ny olompirenena maro ihany koa ny votoatin'ilay IEM satria tsy manazava azy io Rajoelina Andry amin'ny kabary nataony hataramin'izao. Ny tanjona iraisan'ireo kandidà rehetra ireo dia ny hanavotra ny Malagasy amin'izao fahantrana efa mihatra aman-taolana izao, hamongotra ny kolikoly sy hampanjaka ny tany tan-dalàna ary hamerina ny fahalema- na eo anivon'ny fiarahamonina. Tia vao ny gasy ary tsy afaka mandinika sy mamakafaka fa matetika manao rebik'ondry kanefa ny fitafiana sy ny kiraro no tsara jerena ivelany sady tsy manantsaina hamitaka. Tsy izay manana traikefa teo amin'ny fitantanana ny firenena koa dia azo antoka fa hahavita zavatra satria rehefa misy ny mahazo fahefana no mivadika amin'izay fampanantenana nomeny. Miankina amin'ny safidin'ny tsirairay ny fanavotana ity Firenena ity avy ao amin'izao lavaka mangitsokitsoka misy azy izao.

***AndryTsiavalona***

Tanora TIM boriborintany faha 6

## Hisokatra ny 3 septambrra ny «cours gratuit»

Maro ny hetsika efa nataon'ny tanora Tiako i Madagasikara (TIM) eny amin'ny boriboritany fa-ha-6, izay tarihan'ny filohany Lalaina Rabezanahary mpikambana zandriny indrindra ao amin' ny filankevitry ny tanànan'Antananarivo renivohitra. Efa nisy ny fanentanana natao nana-mpiana ireo vahoaka teny amin'ny boriboritany faha 6 tamin'ny fanampiana ny vahoaka amin'ny fijerena ny lisi-pifidianana , teo ny fandraisana anjara amin'ny fanadiovana ny tanàna sns… Fa amin'izao ankatoky ny fanadinam-panjakàna bakalorea izao dia manao hetsika hanalàna fahasahirana-na ny mpianatra indray ny tanora TIM ao amin' ity boriboritany faha 6 ity. Ny faha- 3 ny volana septambra izao no hanomboka ny fampianarana maimaimpoana « cours gratuit » ho an'ireo tanora hiatrika fanadinana "Baccalauréat", karakarain'ny jeu-ne TIM Boriboritany faha 6, ka ao amin'ny lycée Privée Les Rossignols Ambohimanarina no hanatanterahana izany, izay hane- ntanana ireo tanora liana amin'izany. Nanazava Lalaina Rabezanahary anisan'ny mpitarika Jeu-ne TIM Analamanga fa tsy vao izao izahay hoy izy no mikarakara hetsika toy izao fa efa isantaona. Nilaza ihany koa ity farany fa hisy ny cours maimaimpoana ho an'ireo mpaka fanadina-na CEPE sy BEPC amin' ny taona ho avy io.

***Helisoa***

Fifidianana filoham-pirenena

## Am-polony no tsy nahafeno dosie

Hatramin'ny Talata lasa teo dia am-polony no tsy nahafeno dosie satria ny 26 Aogositra ho avy izao no ho fantatra izay kandida mahafeno ny fepetra takian'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana (HCC). Mbo- la manana andro vitsy nefa ireo kandida tsy mahafeno ny fepetra momba azy raha vonona hiatrika fifidianana tokoa. Ahiana ny tsy hahatomombanan'ny fifidiana-na amin'ity taona ity raha izao zava-misy izao no jerena satria ho sahirana tanteraka ny HCC amin' ny fandinihana ireto antontan-taratasin'ireto kandida 46 be izao ireto , nefa dia olona iray no ho filoham-pirenena. Ta-ntara ho an'i Madagasikara no nisy kandida 46 be izao ka hifaninana ho filoham-pirenena. Inona anefa no andrasan'ny vahoaka dia ny filaminana sy fampandrosoa-na amin'ny lafiny rehetra raha tsy hilaza fa manjaka ny gaboraraka, ny tsy fandriampahalemana etsy sy eroa, ny fidangan'ny vidim-piainana, ny tsy fahaiza-mitantana sns… ka izay kandida vonona hitondra ny mahasoa ny vahoaka aradrariny sy madio no andrasan' ny vahoaka amin' ity indray mitoraka ity. Ho valalanina hatramin'ny vahoaka mpifidy mantsy noho ny hamaroan'ireo kandida hifaninana amin' izany toeran'ny filoham-pirenena izany. Dia ho hita eo aloha izay hitranga na hisy ihany ny fifidianana, na ho foana noho ny zava-misy eto amin'ny firenena Malagasy ankehitriny, izay anjakan'ny fandriampahalemana.

***Rajo***

### TONONKALO

### TIAKO i MADAGASIKARA

**(atolotra noho ny famaranana ny faha-15 taonan`ny TIAKO i MADAGASIKARA)**

Tiako i Madagasikara , tena tiako sady mamiko.
Tena ahy manontolo fa tsy sanatria nindramiko.
Madagasikara sambatra , izay no tena tanigetrako,
Ary ny hiavian`izany no fanamby efa napetrako.

Tiako i Madagasikara , tena tiako sy tsy foiko.
Tsy apetrako ho teny fa dia tena hoporofoiko,
Ka ny ataoko manontolo sy `zay mbola hosahaniko,
Dia ezahiko hanehoana ny fitiavako ity taniko.

Tiako i Madagasikara ka arovako tanteraka.
Vonona aho ny ho amin`izany sady tsy hahalala reraka,
Ka ny amiko rehetra , herin-tsaina , herim-batana,
No hametrahako ity nosiko ho amin`ny tena fisandratana.

Tiako i Madagasikara , ahy dia ahy fa tanindrazako,
Ary ny hanondrotra azy no ho tanjona sy lazako.
Eny inty fa vonona aho , tsy handraraka ilo sanatria,
Fa Tiako i Madagasikara sady ahy doria doria.

Tiako i Madagasikara , tanjoko ny handreseny.
Tsy apetrako ho kabary , tsy hajanoko ho teny.
Tiako i Madagasikara , izay no teny tiako hotanana,
Hitondrana ny vahoaka ho amin`ny tena fiadanana.

***SEDERA RAVALISON (21-08-18)***

IGNACE RANDRIAMAMIZAFY

## Nataon-dRajoelina aiza ny fiara saika hanaovana sommet ?

Marobe ny zavatra tsy nazava teto amin'ny firenena nandritra ny fitondràn'ny mpanongam-panjakàna Andry Rajoelina. Ankehitriny, ingahy io milaza fa hanavotra an'i Madagasikara hono ? hoy Ignace Randriamamizafy na Gôna. Maro ny fanontaniana mila valiny atao amin'ity mpanongampanjakàna ity noho izany , satria hita miharihary ny volabe afafiny amin'ny fampielezankevitra mialohan'ny fotoana ataony manerana ny faritra maro eto Madagasikara. Ankoatra ny vola vidin'ny fiaramanidina Force One sy Two sy vy any Soalala ary ny hafa dia mbola fanontaniana mipetraka atao amin'ny filohan'ny tetezamita. Andry Rajoelina sy izay tompon'andraikitra tamin' izany: natao aiza daholo ireo fiara Prado Yaris, Mercedes, Golf miisa 300 saika nanaovana ny sommet.africain teto tamin'ny taona 2009? Natao aiza daholo ny tracteurs miisa 1000 nomen ny fanjakana Indien izay natoby tao lavoloha? Iasa aiza daholo ireo 4x4 Toyota Pick-up miisa 200 nampiasain' ny depiote sy ny senatera nandritra ny fitondràna Ravalomanana izay nalaina ankeriny tamin'ireto farany ny taona 2009 rehefa noravana ireo andrim-panjakàna ireo ka nosoloina HAT ? mila valiny daholo ireo hoy ny mpitaritolona teo amin'ny Magro, Ignace Randriamamizafy , izay tokony ho valian'ny tariky ny mpanongampanjakàna milaza hanavotra an'i Madagasikara amin'izao .

***Helisoa***



Kandidà marobe

## Ny fandraisan'ny mpanao politika sasany ny politika mihitsy no diso

Madagasikara no manana kandida Filohampirenena maro indrindra aty Afrika ary mety maneran-tany mihitsy . Raha raisina amin'ny fomba tsotra dia midika ho fitiavan-tanindrazana ny filatsahana na ihany koa fanehoana fandraisana andraikitra . Raha ny eto Madagasikara kosa dia mipetraka ny fanontaniana manao hoe : tena fitiavan-tanindrazana sy fahavononana handray andraikitra marina ve no manosika ireo nanatitra taratasy filatsahana ? Tsia avy hatrany ny valiny satria misy amin'izy ireny no efa diso fantatra loatra ny nataony teto amin'ny firenena izay nampitondra fahoriana ny vahoaka . Ao kosa ny fitiavana hiseho fotsiny . Fa na izany aza, ao kosa ny kandida izay tena ny fitiavan-tanindrazana no nanosika azy hilatsaka . Ho avy ny vinam-piarahamonina isankarazany izay hatosaka eny anivon'ny vahoaka, ka anjaran'ny tsirairay no mamakafaka tsara . Fa na inona na inona tenenina dia tsy azo iadian-kevitra fa tia seza ny ankamaroan'ny mpanao politika eto Madagasikara ka ny fandraisana ny dikan'ny atao hoe " Politika" mihitsy no diso izay lasa fitadiavan-tseza sy fikatsahana voninahitra . Betsaka ny kandida filoham-pirenena eto Madagasikara ka ny fanirian'ny maro dia ho haingana ihany koa ny fampandrosoana ny firenena satria izay no tadiavin'ny vahoaka sa ahoana hoy ianao ?

***Rina Rabemananjara***


NY VALOSOA VAOVAO
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

NItondra ny voatsirambin'ny tanana ho an'ireo may trano sy namoy aina teny Anjanahary ny CUA;















Ny atrik'asa nataon'ireo tanora mpandraharaha nokarakarain'ny ministeran'ny indostria.






# Isaia 43:11

## Faminaniana sy fanambarana ho an' izao tontolo izao, Madagasikara 19 aogositra 2018

***Isaia 43:11 "IZAHO dia IZAHO ihany no JEHOVAH ary tsy misy MPAMONJY afa-tsy IZAHO"***

IZAHO irery no JEHOVAH Tompon' izao tontolo izao. IZAHO irery ihany no mahalala ny FAMORONANA nataoko, indrindra fa izay ho fiafaran' izao tontolo izao. Ianareo miezaka mandrava sy manimba ny asantanako ka dia manody anareo izany. Aza hadinonareo fa misy AINA avokoa izay noforoniko, eny na dia ny biby sy ravina farany izay kely indrindra aza, mainka moa fa ianareo izay olona noforoniko tamin' ny TENY, HERY, FAHEFANA ary tamin' ny FAHAIZAKO sy ny FAHENDREKO. NY TENA TSY ZAKAKO JEHOVAH INDRINDRA DIA NY AIN' OLONA LATSAKA, NY RÀ LATSAKA TSY AMIN' NY RARINY. Fantatrao ve ny tantaran' I Kaina sy Abela? Novonoin' I Kaina I Abela rahalahiny ka dia maty, Genesisy 4: 9-11. Hoy ny fanontaniako tamin' I Kaina. Aiza I abela rahalahinao? Asa hoy izy, moa mpintandrina ny rahalahiko va aho? Hoy AHO: inona no nataonao fa ny feon' ny rahalahinao mitaraina AMIKO avy amin' ny tany ary ankehitriny dia voaozona ianao hiala amin' ny tany onenanao, izay mivava hitelina ny rahalahinao, nalatsaky ny tananao. Ry mpamaky malala sy zanako isany, tsy anjaranareo ny mamono olona toa anareo, mandatsaka ràn' olona amin' ny tany. Tiako ny manambara aminareo olombelona fa ny MIFANKATIA NO ANJARANAREO fa tsy ny mifamono sy mifandringana. Ka manala aina ny asanareo, ny fahaizanareo, ny ady ifamonoanareo, ny teny miloaka ny vavanareo, ny fombanareo, ny programanareo, ny fandalinana ataonareo, ny fanamboarana katsahinareo, ny fahotana sy ny helokareo, ny toetra ratsinareo ary ny fanompoana hafahafa iraisanareo kanefa dia hita hoe "diso", ny fahadisoan-kevitra sy ny fandikan-dalàna. Izany rehetra izany dia miteraka fahafatesana avokoa, hany ka mitaraina ny tany nohon' ny famonoana tsy rariny. Be loatra ireo feo mitaraina AMIKO toa an' I Abela ka izao ry mponin' ny tany o! Ny fiafaran' I Kaina? Mpanjenjena mandra- pahafatiny, ianareo koa raha nahavita namono olona fa IZAHO JEHOVAH irery ihany no Tompon' ny AINA, MATAHORA! fa mahatonga fahaverezana any amin' ny "helo" izany. VERY IANAREO RAHA TOA NAMONO "ZAZA" MBOLA TANY AM-BOHOKA. Ireny koa dia mitaraina AMIKO ka asakasakareo satria efa misy AINA. Tandremo koa fa mitsara ireo izay mandatsaka AINA AHO JEHOVAH fa mibebaha haingana fa ireny tonga dia mivantana any AMIN' NY HELO, INDRINDRA FA RAHA RÀN' OLONA MARINA NO NALATSAKA. Toy izao no tiako hambara: raha ny tany no mitaraina dia tsy mahazaka ny rano, ny rivotra ary ny afo, efa voalazako tany aloha fa mifanampy izy efatra ireo. (Hafatra laharana 48). Koa aza gaga ianareo fa miara-tonga ny fisehoan' izy ireo. Raha mihetsika ny rano dia tsy mety handray ny tany. Raha mihetsika ny rivotra dia atosiky ny rano mba ho lasa lavitra. Raha mihetsika ny afo dia ny rivotra no manampy azy mba hiparitaka sy ho lasa lavitra. Ny tany hoy ianareo? Izy no mitahiry ireo rehetra ireo, ary aza hadino fa mifampiresaka izy efatra ireo, indrindra fa rehefa voaloto sy voasolo amin' ny fombanareo olombelona. Toy izany no fiarahamiasan' izy ireo rehefa tezitra. Ny tany moa dia ireo voalazako teo aloha rehefa tezitra. Aza hadino ary fa samy MASINA ireo natiora efatra ireo ka aza avadika amin' izay fihevitrareo. Izy ireo koa anefa dia afaka maneho fifaliana. Koa anjaranareo ny mandinika sy mieritreritra ireto FANAMBARAKO manaraka ireto. Izy efatra dia samy masina ary samy mitaraina AMIKO JEHOVAH rehefa atao tsinontsinona sy voaloto = fomba amam-panaonareo mety heverinareo hoe mety kanefa mahatezitra ireo natiora efatra ireo. Aza hadino fa ireo no mamelona sy mifamelona aminareo olombelona. Ohatra, raha tsy misy rivotra eo aminareo, velona ve ianareo? Toy izany koa ny rano, ny afo indrindra moa fa raha tsy eo amin' ny tany ianareo no miaina dia ahoana? Noho izany, hajao ireo ary aza lotoina na soloina fa ZAVA-MASINA. Anisan' ny tsy zakan' izy ireo, noho izy ireo miaina sy AINA, dia tsy zakany ny fijangajangana, ny avonavona, ny fanambakana, ny fitaka, ny lainga, ny fanompoan-tsampy, ny teny ratsy sy ny fanilikilihana maro e, indrindra fa ny ady isan-karazany (firenena, fiangonana, mpivady, sns) hany ka jereo ireo loza tonga eo aminareo. Tadidinareo ve ny loza tao Egypta e? izay tsy hainareo hoe ahoana no ialana azy. Toy izany koa izao vaninandro misy anareo; Raha indray alina no nisy aizim-pito tao Egypta, amin' ity indray mitoraka ity dia 3 andro. Hitondra fahapotehana maro sy AIZINA FITO SOSONA io 3 andro io, toy ny fahapotehan' ny teknolojia isankarazany na ety ambony na eny amin' ny tany ambany. Ny horohoron-tany ho avy dia hampisaraka tany maro. Tandremo ny ady ara-pirenena, ara-bolonkoditra, ara-pivavahana, ara-pitaovana, aram-pitondrana, ara-piaraha- monina, ara- pihaviana, ara-pitondrantena, ara-bola sy harena fa ireny dia mahatezitra azy efatra ireo. Raha miteny izany rehetra izany AHO JEHOVAH dia FITIAVANA. Hono ho'AHO ry mponin' ny tany? Tsy tezitra amin' ny zanakareo ve ianareo raha tsy manaiky sy manohitra anareo mandrakariva ny zanakareo? Toy izany koa AHO, fa nohon' ny amin' I JESOSY dia misy ny INDRAFO, fitiavana izany. Betsaka aminareo olombelona no miteny hoe Fitiavana IZAHAY , Be indrafo, tena marina izany fa izao tsy avela handeha amin' izao fombanareo izao ianareo fa mahavery anareo izao. MIBEBAHA! Io no fanafody voalohany. Ezekiela 36: 18.

***Amen!***

HALELOIA! JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY
(mbola hitohy)

**E-mail** : jehovahandriamanitra@gmail.com
**Facebook** : Jehovah Andriamanitra page

**Radio:**
- Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora
- Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora
- RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

**Gazety Ny Valosoa Vaovao** : mivoaka Talata sy Asabotsy

# NY TENY FIAINANA



***Ohabolana 16:20***

*Izay mandinika ny teny no hahita soa; ary izay matoky an'i Jehovah no ho sambatra.*

# TAFATAFA

## Raniry - Mahajanga

## Tsy matoky « valera » i Andry Rajoelina dia mangalatra « départ »

***Nangonin'Isambilo***

Fanehoan-kevitr'i Raniry, mpanoratra sy mpanakanto any Mahajanga indray no Tafatafa eto amin' ny gazetinao androany :

Dia tena gaga sady talanjona ny tena mahita ity kandida iray efa mihazakazaka mafy sahady manao fampielezan-kevitra mialohan'ny fotoana. Matahotra mafy ny tsy ho lany angamba dia maka bahana alohan'ny rehetra, hita mihitsy fa tena tsy matoky "valeur". Mampahatsiahy ahy horonan-tsary miaina iray : "sokatra sy bitro". Dia tena mihevitra ny vahoaka Malagasy ho dondrona sy kentrina ve ka tsy hahalala ny zavatra tena tiany hahatongavana? Tsy ny fampandrosoana sy ny fanavotana ny vahoaka Malagasy izany no tena mahamay azy fa ny handrombaka fahefana. Dia hasandratra toy ny mpanjaka, dokadokafana isan'andro amin'ireo haino aman-jery isan-karazany. Tsy misy fahagagana izany fa izay atao ihany no hita. Efa nitondra nandritra ny dimy taona teto amin'ny firenena izy ka tsy afa-miala amin'izay nataony teto. Tena nivarahontsana mihitsy ny tena raha nandre azy sahy nilaza fa ho tapitra hatreo ny fahorian'ny Malagasy fa efa tonga ny "mesia" hitondra vahaolana! Dia hisy fahagaga izany eto? Dia misehoseho sy jejojejo etsy sy eroa, mipoapoaka kosa aloha ny ketrika e! Ekena ary tena tsy lavina fa tena hainy tokoa ny mamono vorona sy mamono lolo. Izay marefo dia mora babony sy tena voafitany. Efa hita izao fa tsy mety ny manao fampielezan-kevitra mialohan'ny fotoana, na dia tsy voalaza mazava ao anaty lalàna aza, dia mbola atao ihany. Toa taratra sahady ny tsy fanarahan-dalàna hataony raha toa ka mby eo amin'ny fitondrana izy, sy ny tsy fahaizany manaja sy mandala ny aradrariny. May angamba ny endim-boanjony ka tsy mahandry intsony ny volana ôktôbra izay fotoana tokony hanombohan'ny fampielezan-kevitra. Izay ilay antsoina hoe tsy matoky "valeur". Toa lasa ihany ny saina hoe : "Inona marina no tena tanjony amin'ity fakana bahana mialohan'ny rehetra ity?" Sao lahy efa fantany mialoha fa tsy ho lany mihitsy izy dia atao aloha izay fomba rehetra mba hahazoana olona maro mba hilazana eo imason'izao tontolo izao fa izy no tena mamim-bahoaka? Iza moa no tsy hahazo olona toa izao ataony ankehitriny izao raha samy omena vola afafy tahaka azy? Iny olona iny alohan'ny hahatongavany amin'ny tanàna iray dia tsy maintsy atao vaindohan-draharaha sy atao laharam-pahamehana hialoha lalana azy aloha ny dokambarotra maro isan-karazany. Ampiasaina daholo izay tontolon'ny serasera rehetra hahafahana mamono lolo sy mamono vorona. Tsy mba tonga amin'ny tanàna iray izany iny olona iny raha tsy efa mipoapoaka izay tsy izy mialohan'ny fotoana aloha ny dokambarotra sy ny fampahafantarana amin'ny haino amanjery. Dia indro fa tsy mba sahy mandeha irery izany fa tsy maintsy arahina delegasionina maro sy otronin'ny mpanakanto malaza maro ihany koa. Dia tena mihevitra ny vahoaka Malagasy ho tena vendrana tokoa angamba? Ny olona liam-baovao sy mba te-hiala voly dia tonga fa tsy midika velively izany fa hifidy anao izy. Mitondra "Artiste" ianao ka nahoana izy no tsy ho tonga? Ny fitateraka koa moa maimaimpoana, handoa vola aza atao! Ataony fotsiny izay hanehoana amin'izao tontolo izao fa mahavory vahoaka betsaka izy. Dia tsy hanaiky izay voka-pifidianana eo raha toa ka tsy izy no lany. Samy mahavory olona toy ireny avokoa na dia izay heverina fa fakofakon'olona indrindra aza raha toa ka mampiasa vola sy mitondra mpanakanto maro tahaka ireny. Mino mihitsy aho fa raha tsy lany eo iny olona iny dia hitarika korontana mahery vaika eto amin'ny firenena indray fa efa zavapanaony izany; toy ny nataony tamin'ny 2009. Nitondra inona izao ny fanonganany ny Filoha RAVALOMANANA? Nihatsara tokoa ve ny fari-piainan'ny vahoaka Malagasy? Ny haino aman-jerimpanjakana izay nodorana aza mbola tsy mety tafarina kanefa izy efa nitondra nandritra ny dimy taona teo. Nanomboka tamin'ny tetezamiitatra izay najorony no nampirongatra sy nampahazo aina fatratra izao tsy fandriampahalemana sy ny gaboraraka manerana ny Nosy izao. Dia sanatria ve ka adala tokoa ny vahoaka Malagasy ka tsy hahalala fa fitaka ranofotsiny no ao ambadik'izao fampielezan-kevitra mialohan'ny fotoana ataony izao? Tsy nisy, hono, ny famatsiam-bola tamin'ny tetezamiitatra kanefa izy lasa manana harem-be maro any ivelany any, sy lasa lohalaharana amin'ireo mpanefoefo teratany. Vola avy aiza izany? Fantatra avokoa anie ny orinasany e! Manampy trotraka an'izany dia tsy mba teto Madagasikara tanindrazany no nanangana orinasa fa any ivelany any. Saika tsy nahatsiaro nody an-tanindrazana mihitsy raha tsy efa tonga ny fotoam-pifidianana. Dia asakasakao Ramalagasy raha mbola sahy hijabaka ihany, dia tena voan'ny fandraikiraikiana tokoa angamba! Izay ny amin'iny fa hitodika kely amin'i Dada isika mianakavy. Efa tena tsindrian-daona fatratra ny ankamaroan'ny vahoaka amin'ny handraisan'i Dada indray ny familiana ny firenena. Ireo olona marobe nangina tsy niteny hatramin'izay ka hatramin'izao ireo dia efa samy miandry fatratra an'i Dada avokoa. Betsaka tokoa angamba ny ho tapaka lalan-drà raha toa ka fihodinana voalohany ihany dia vita ny fifidianana, izay anefa no hitranga. Efa tena hain'ny vahoaka ny hatony rehefa tonga ao amin'ny efitrano fisainana izy, na dia viraviraina vola sy fampandriana adrisa maro isan-karazany aza. Raha vao niteny fotsiny izy tany Toamasina farany teo dia efa babon'ny fahatsorana ananany ny olona. Vavaka fohy nofaranany hoe :"Aza avela hiteny fotsiny izahay fa asaivo manatanteraka izay zavatra nolazainay. Amen". Ankoatra izany, miandry fatratra ny hisokafan'ny MBS izahay aty Mahajanga.

HAITRANO TETSY ANJANAHARY II-S

# Niombona alahelo sy nitondra fanampiana ny CUA

Tonga niombona alahelo sy namangy ary nitondra ireo voatsirambin'ny tanana ny Kominina Antananarivo Renivohitra (CU1A) ny talata teo, ho an'ireo niharam-boina tratran'ny haitrano ny alatsinainy alina teo , tetsy amin'ny fokontany Anjanahary II-S Boriboritany fahadimy. Araka ny voalazan'ny tompon'andraikitra teny an-toerana dia pitik'afo nankany amin' ny moto no niandohan'ny afo, ka niitatra tamin'ny tokantrano hafa . May tsy nisy noraisina tamin'izany ny trano hazo miisa 10 tafo, izay nahitana tokantrano 7 , ary traboina 20 mahery . Nisy ireo aina nafoy 3 mianaka no maty tamin' izany. Marihana fa fianakaviana iray daholo ireo tokantrano 7 ireo. Nanomboka tamin'ny 10 ora alina ny alatsinainy teo no nanomboka ny firehetan'ny afo. Tonga teny an-toerana ny mpamonjy voi-na raha vao naharay ny antso na dia nisy aza ny fahasarotana kely tamin'ny fidinana teny an-toerana. Nanome vary 5 gony , menaka 1 baoritra, savony 2 baoritra ho an'ireo fianakaviana niharam-boina avy amin'ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Tonga nitarika ny delegasiona teny an-toerana ny solontenan'ny ben'ny Tanàna, kolonely Ramboasalama Emilien, lefitry ny Ben'ny Tanàna sy ny Delegen'ny Boriboritany fahadimy, Rakoto Richard Emmanuel ary ireo mpiara-miasa akaiky aminy ao amin'ny CUA.



*Ireo solontenan'ny Ben'ny Tanàna nitondra ny voatsirambin'ny Tanana tetsy Anjanahary.*

***Helisoa***

Boriboritany voalohany

# Nanokatra lalam-bahoaka tao amin'ny fokontany Faravohitra ambony

Lalam-bahoaka iray ao Faravohitra indray no noezahin'ireo ekipan'ny Boriboritany Voalohany sy ireo tanora avy ao amin'ny TFM « Teach For Madagascar » nosokafana mba ho azo hifamezivezen'ireo mponina manodidina nandritra ny fanadiovana faobe ny Talata 21 Aogositra 2018.

Raha araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany dia lasa toerana fanarian'ireo olona fako sy fieren'ireo jiolahy ity toerana ity, koa mba ho tombontsoan'ireo mponina dia naverina novelomina indray ity toerana ity, tamin'ny alalan'ny fisorohana ireo lobolobo sy famafana madio tsara ny lalana mba hahafahana mifamezivezy am-pilaminana eny an-toerana. Efa misy ihany koa ny lamina izay efa napetraky ny Tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) amin' ny fanarahamaso sy fitandroana ny filaminana eny amin'ity toerana ity. Teo ihany koa ny fanatanterahana ny fanadiovana ireo faritra manodidina rehetra tamin' ny alalan'ny famafana ara-be, fisokirana ireo loto sy fako ary ny fanesorana ireo voninkazo izay mihoatra ny fefy ka manelingelina ny lalam-bahoaka.

Tsy mitsahatra ny manentana ny mponina ny avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany mba samy handray ny andraikitra tandrify azy satria izay tsy mandoto dia efa anisan'ny manadio, hoy ny lefitra faha-2 ny delegen'ny boriboritany voalohany Heriniaina Razafindrakoto nandritr'izany.

***Aly***

20 taonan'ny Radio Feon'Imerina

# Seho ara-javakanto etsy amin'ny CCESCA ny sabotsy 25 aogositra izao

Ao anatin'ny fankalazana ny faha-20 taoan'ny Radio Feon' Imerina, FM 101.6 Mhz, hisy ny hetsika ara-javakanto karakarain'izy ireo etsy amin'ny CCESCA ny sabotsy 25 aogositra ho avy izao tolakandro. « Harena ny fahasamihafana », ka ny fifanajana ao anatin'ny fahasamihafana no vy miaina ahitam-bokatsoa ao anatin'ny fiaraha-monina, no tarigetran'ity radio tsy miankina ity. Ny mampiavaka azy: ny Radio Feon'Imerina dia onjam-peo mahaleotena tanteraka, tsy miankina amin'ny antoko politika na antokom-pivavahana, na fikambanam-paritra na fikambanam-pihaviana. Miaramiasa amin'ny ankolafin-kery rehetra mihevitra hampandroso ny tanàna na eny ambanivohitra na an-tanàn-dehibe anefa ny Radio Feon'Imerina, satria mihevitra fa olom-pirenena feno eo amin'ny faritra onenany ny Malagasy tsiairay (citoyenneté de résidence). Ny hasina, ny soa toavina ary ny kolontsaina sy ny tantaran'Imerina no ezahin'ny onjam-peo apariaka, mba hampifaka ny taranaka mifandimby amin'ny kolontsainy sy ny tantarany indrindra amin' izao vanim-potoana ifofofofoan'ny rivotry ny fanatoloana « mondialisation » izao. Mivoy ny ezaka ataon'ny mpandraharaha ara-toe-karena mba hampandrosoana ny Tanàna. Mitety vanim-potoana izy eo amin'ny hira alefany. Manana ny lanjany manokana ny kalon'ny fahiny, ny hiran'ny omaly, ary ny hira gasy. Fa omena sehatra ihany koa ny hira ankehitriny heverina fa manana ny maha-izy azy eo amin'ny fampitan-kafatra ho an'ny mpiara-belona. Ny endriky ny fankalazana ny sabotsy tolakandro izao io diqa rindran-kira hatao ao amin'ny CC ESCA, ny Sabotsy 25 aogositra 2018 amin'ny 2 ora sy sasany no hanokafana ny fankalazana. Ny 20 taona ny Feon'Imerina dia mifanandrify amin'ny faha 60 taona nanaovana "Gala de chant"na "Rindrakira" voalohany teto Iarivo. Tarika maro no handray anjara: Fidimalala, Salomon, Abel Ratsimba, Tovo Andrianandraina, Gaston Andrianony, Erys François, Ny Alondrano, Lizah Raseta, Moreno, J Andriamanantena sy Julie, Jean Rossinah, Gasy Miangola, Dinarison Karoka, Faniry Raelison, Kolibera, Narisoa, Tarika Gabhy Ratsito, Angolan'Imerina. Hisy "vahiny manokana". Hisy fandraisana rakitsary sahanin'i Billy Tiana (sary pika) sy Toky Nionintsoa(sary mihetsika). Hiavaka io lanonana io satria ireo mpanankanto tsy hita matetika no hiaka-tsehatra indray, anisan'izany ny tarika "Ny Alondrano", Erys François,sns…

***Aly***

Tovovavy tratry ny mosavin-kanina

# Rano manokana no nanasitrana azy

Tao anatin'ny roa taona dia nitaraina narary kibo lava ity tovovavy ity. Tsy vitan'ny hoe marary kibo fotsiny, fa mandoa zavatra hafahafa izany izy ary sempotra tsy mijanona indraindray. Efa nanatona dokotera sy mpitsabo samihafa fa tsy hita izay tena soritr'aretina taminy. Efa saikaa halefa any ivelany mihitsy koa aza fa tsy nanam-bola ny fianakaviana ka voatery najanona indray. Tsy vitan'izany fa saika safotra foana izy raha vao mahare fofon-javatra toy ny kafe izany ary sahirana tanteraka ny fianakavian'ity tovovavy ity. Kivy tanteraka izy mianakavy ary hijanona fotsiny sisa miandry izay onjany eo. Sendra olona tsara sitrapo nefa no nanoro azy an'i Jessica **03387 395 41** mpitsabo eny Mandrosoa Ivato satria marobe ireo olona efa sitrana tao aminy tao anatin'ny taona maro. Vao tonga teny aminy fotsiny anefa ity tovovavy ity rehefa nentin'ny reniny dia notrorin'ity mpitsabo ity avy hatrany ary nampisotroiny rano manokana. Vao nisotro ilay rano monja anefa ity tovovavy ity dia nandoa zavatra miloko mavomavo izany ary nilofika tamin'ny tany. Afaka minitra vitsy anefa dia niarina ilay tovovavy ary afaka nody aloha. Miverena afaka telo andro hoy ity mpitsabo ity saingy tohizo aloha ny fisotroana iny rano iny. Afaka telo andro tokoa dia niverina ilay tovovavy ary nilaza fa vao nanohy ny fisotroana ilay rano dia niova tanteraka ny vatany satria lasa maivamaivana izany izy ary vao notohizana ny fisotroana dia afaka ilay sempotra sy torantorana teo. Tsy vitan'izany fa ilay narary tao amin'ny kibony dia nihena ary vao in-telo fotsiny izy no nanohy fitsaboana teny amin' ity mpitsabo ity dia nilaza fa tsy hiverina eny intsony fa sitrana. Ankehitriny dia tsy misy atahorana intsony ny vatany sy ny fahasalamany satria ilay rano manokana nosotroiny no nanafaka ilay mosavy tao anatiny satria tsy lavitra fa mpiara-monina ihany no nialona sy namosavy azy noho izy tsara tarehy sy tsy miavona izany.

***Namana***

Tovovavy mahery vintana

# Maty na marary izay tovolahy miaraka aminy

***Hafa raha samy hafa indray ity tranga ity satria hay ve misy izany tovovavy mahery vintana izany, ka raha tsy marary dia maty mihitsy izay tovolahy miaraka aminy.***

Tsy lavitra fa teto Antananarivo ihany no nisehoan'ny tantara. Sady mahay no tsara tarehy ity tovovavy ity. Tsy vitan'izany ihany, fa sady tsy miavona no mifandray amin'olona izany izy ary sariaka amin'ny mpiaramonina ihany koa. Ny mahagaga anefa hoy ny mpiara-monina dia izay tovolahy miaraka aminy dia na marary, na maty daholo, dia toy izany hatrany. Rehefa nanontaniana anefa ny fianakavian'ireny tovolahy ireny dia tsy mahatsapa na inona na inona fa maty na marary fotsiny izao. Indray andro ary dia nisy tovolahy saika haka vady azy no nanatona mpitsabo aloha satria matahotra ny ho faty koa. Teny amin'i Madame Noelah **03313 090 13** sy ny **03461 328 62** ary ny **03260 479 94** mpitsabo eny amin'ny 67 Ha atsimo no nandehanany. Vao nihaona izy mianadahy dia fantatra ny nafenina. Omeko ny lakilen'ny fitiavana ary ianao hoy ity mpitsabo ity fa ho vadinao izy ary hiteraka soa amantsara ianareo roa.

**Narenim-bintana ilay tovolahy**

Mahery vintana io tovovavy io hoy ity mpitsabo ity ka izay miaraka aminy dia maty na marary avokoa. Teraka alakaosy izy io hoy izy ka tsy maintsy arenimbintana izay miaraka aminy raha tsy te-ho faty koa. Nampandroina aloha ilay tovolahy ary nisy zavatra nentina nody raha vao mihaona amin'io tovovavy io. Ity zavatra omeko anao ity hoy izy no ahosotrao amin'ny tanany raha vao mihaona fotsiny ianareo. Vao niditra ny trano tokoa ilay tovolahy ka nangataka azy ho vady dia nampiasainy izay nolazain'ilay mpitsabo taminy. Nivadika nafàna tampoka izany ny tànan'ilay tovovavy ka teo no nahafantarana fa tena mahery vintana tokoa izy. Tamin'ny teniny anefa no nahafantarana fa hifanambina izy roa raha raikitra ny fanambadiany. Tsy nisy intsony ny olana fa raikitra ny fanambadiany ary niteraka soa amantsara koa. Niaiky avokoa ny rehetra fa zavatra hafa angamba no nampiasain'io tovolahy io matoa tsy marary sy tsy maty izany izy. Tsotra anefa ny valiny hoy ity tovolahy ity, nanatona teny amin'i Madame Noelah aho satria io mpitsabo malaza manana 'pouvoir' manokana io no namaha ny olako vantany vao hivady izahay roa. Tsy misy mahery vintana tsy azo arenina mantsy hoy izy , ka na ratsy sy mahery aza dia malefaka sy mora rehefa voakarakara. Niaiky avokoa ny mponina fa mahery tokoa izay fanarenam-bintana izay ka izay no tsy nahafaty azy. Raha fantatray izany hoy ny havan'ireo maty dia efa mba nandalo teny izahay naka fiarovana sy nikarakara vatana toa io tovolahy io, saingy efa tara satria samy manana ny anjarany tokoa angamba ny rehetra.

***Ny Akama***

Vakinankaratra

# Niakatra ny taham-pahafahana ny fanadinana Cepe

Na teo aza ny fitokonana lavareny dia tsy nahasakana ny firosoan'ny fanadinam-panjakana izany. Ny alahady lasa teo no saika efa nivoaka avokoa ny valim-panadinana ho an'ny Cisco miisa 5 teto Vakinankaratra. Raha ny vokatra dia azo lazaina fa niakatra hatrany amin'ny 70% tany ho any ny an'Antsirabe voalohany raha toa ka 52% izany ny taon-dasa. Nambaran-dRamatoa Ralalanjato Olifanja Andriamanana fa azo lazaina fa mora tamin'ny ankizy ny laza adina na dia nisy ihany aza ny sahirana teo amin'ny taranja kajy sy lazaolana. Na izany aza dia nambarany fa maro tamin'ireo mpianatra no nahazo 40/40 tamin'io taranja io. Mbola eo am-panaovana fanadihadiana izy ireo amin'ny tahan'ny sekoly tena nampiakatra ity taham-panadinana ity satria heverina fa ireo sekoly tsy niankina no mety nampiakatra be io taha io, noho izy ireo tsy niato mihitsy ny fampianarana. Nanamafy izany Andriamatoa Rakotoarimanana Heriniaina, Talem-paritry ny fanabeazampirenena fa tsy nisy ifandraisany tamin'ny fitokonan'ny mpampianatra ny nahamora ny adina CEPE satria efa vita taloha avokoa ny laza adina vao nitranga iny fitokonana iny. Ho an'ireo Cisco roa, dia Ambatolampy sy Faratsiho dia mety ny Talata teo vao nivaly izany. Ho an'ny Distrikan'i Mandoto kosa izay latsaka hatrany dia eo am-pitadiavana hevitra ny hanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana any an-toerana ny tompon'andraikitra. Nambarany fa isan'ny olana any an-toerana ny tsy fandriampahalemana sy ny fidadasiky ny toerana ihany koa ka sarotra ny fanaraha-maso ireo mpanabe.

***Lezama***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**18/08/18 hatramin'ny 25/08/18**

- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 020 22 224 70
- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71
- **ANTANIMENA** (Imm Santa Antanimena, près Chocolaterie Robert) 020 22 200 00/032 56 914 77
- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12
- **MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 22 621 18

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Fanapariahana:**
Kalasoa: 033 16 153 91
Solofo : 034 89 907 74

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 804-08-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

AMBATONDRAZAKA

## Mamely ny vaky trano ao an-tsena

Tao anatin'ny roa alina nisesy, nahatratra telo ny fivarotana nisy namaky tao amin'ny tsenan' Ambatondrazaka ao atsimon'ny kianja Rasolonjatovo. Fantatra fa nosokirina ny rindrin'ny trano ary navoaka tamin'ilay lavaka ny entana tao anaty fivarotana. Ny fivarotana roa no nahazoan'ireo mpamaky trano entana izay samy lafo vidy avokoa, fa ny iray kosa tsy vitany hatramin'ny farany. Isan' ny nampametram-panontaniana ny rehetra ny tsy naharenesan'ny manodidina io vaky fivarotana io, izay manamorona ny toerana maresaka amin'ny alina eo an-tsena. Isan'ny efa nanaovan'ny rehetra fitarainana hatramin'izay ny fisian'ireo maimbo alina izany hoe ireo olona mpirenireny amin'ny alina sy ny fivarotana zava-mahadomelina manenika ny tsena rehefa alina mandram-paharainan'ny andro saingy mbola misy hatrany izy ireo hatramin'izao. Nambaran'ireo mponina mipetraka eny amin'ny manodidina ny tsena fa izy ireo ihany no miteraka ny savoritaka sy ny tabataba ary indrindra fanomanan'ny jiolahy ny paik'ady hanafihany etsy sy eroa. Hentitra ny avy eny anivon'ny kaominina Ambatondrazaka renivohitra ny mahakasika azy ireo hoy ny Ben'ny tanàna Rafidimanana Louis Felicité, fa efa namoaka didy izy ireo ny tsy ahazoana manao ireo asa fivarotana toaka eo amin'ny tsena amin'ny alina. Tsy ny toaka ihany anefa no voalaza fa seraserain'ny olona mpanao maimbo alina fa hatramin'ny rongony sy ny toaka gasy dia hita ao avokoa.

*Raoul*

Alaotra

## Mitaraina ny mpivaro-mandeha fa ratsy ny tsena tany Ampitandrefana

Zara raha nahalafo ary nisy mihitsy aza ny tsy nitoko ireo mpivarotra namonjy ny foara tany Amparafaravola sy Morarano iny raha ny nambaran'izy ireo. Nisy no sahirana nitady vola natao saran-dalana nentina namonjy ny foaran' Ambatondrazaka ary teo ihany koa ny tafidi-trosa noho ny tsy fananambola. Na dia natao varo-boba aza dia mbola betsaka ihany ny entana nentina nody fotsiny. Tsara ny vokatra hoy izy ireo ary tsara ny vidiny saingy ny olana dia ny famerenan-trosa izay tsy maintsy nataon'ny tsantsaha tany amin'ireo banky madinika izay nisamborana izany, ka tsy voaefa tamin'ny taon-dasa noho ny fahasimban'ny voly vary noho ny tany maina. Ankoatra io tsy fananam-bola noho ny famerenan-trosa io dia fantatra ihany koa fa eo ny tahotra ny hamoaka vola noho ny tsy fisian'ny fandriampahalemana. Tsy afaka mampiditra entana sarobidy ao an-trano ny tantsaha noho ny tahotra ny hisy hanafika. Ny alina hatrany izay vao afaka mampiditra izay entana novidiana izy ireo hany ka zary lasa malaina na ny hividy zavatra aza satria tsy azo iainana ny entana novidiana. Misy fiantraikany eo amin'ny sehatry ny fiharian'ny rehetra araka izany na ny tsy fandriam-pahalemana na ny hetraketraky ny natiora.

*Raoul*



*Maina ny tsena tany Amparafaravola.*

Oniversite Québec Trois-Rivières

## Hiara-hiasa amin'ny ministeran'ny fampianarana teknika amin'ny fanofanana tanora


Hiara-hiasa amin'ny ministeran'ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa ny Oniversite Québec Trois Rivières any kanada, amin'ny tetikasa tanora Malagasy manana traikefa amin'ny asa na Jeunesse Malagasy Compétente au Travail. Anisan'ny nisongadina izany tetsy amin'ny Complexe Scolaire Ampefiloha, nandritra ny fihaonana teo amin'ny ministry ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa, Rahantasoa Lydia, tamin'ireo delegasiona avy any amin'ny Oniversite Québec Trois-Rivières, nahitana ny tale iraisam-pirenen'ity Oniversite ity, Sylvain Benoît sy ny tale iraisam-pirenena lefitra, Patrick razakamananifidiny, teo ihany koa ny Ambasadaoron'I Madagasikara any Kanada, Horace Constant. Ity tetikasa tanora Malagasy manana traikefa eo amin'ny asa ity dia miasa eo amin'ny sehatry ny asa vaventy, ny fizahantany sy ny fampisakafoana vahiny na restauration, ary ny sehatry ny fandraharahana. Nambaran'ny ministra Rahantasoa Lydia tamin'izao fihaonana izao fa ao anatin'ny politikan'ny ministera amin'ny fanatevenana hatrany ny traikefan'ny tanora hiatrika ny tsenan'ny asa izao tetikasa izao.

*Aly*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 248




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0247)

***Mitsivalana***
- Mandresy
-Ia – Vin
- Tsodrano
- Ravao
- Fataka (Miv)
- Ka – Toy (Miv)
- Faladia (Miv)

***Mitsangana***
- Mitraka
- Sakay
- Niova
- Dadatoa
- Roa
- Eva – Fia
- Siny – Fo (Miv)
- Ony (Miv) – ST Rano

### TENY MIFANARAKA N° 248




**Mitsivalana**

**1.** Mpanjaka vavy **2.** Iray – Mpanondro toerana **3.** Vazivazy **4.** Fiandohan'ny aizina – Roa Romana – Mikoriana ao anaty **5.** Asa amam-panao **6.** Tovana – Raisiny **7.** Foto-tenin'ny mandray – Litera mifanaraka **8.** Manontany fotoana **9.** Ao amin'ny vatana **10.** Alatsaka aina – Karazan-tsakafo

**Mitsangana**

**A.** Kolikoly **B.** Tao – Anaty rano – Vaovao **D.** Mpanakanto fahiny **E.** Fia – Ajanona **F.** Fery – Dadanay **G.** Zava-maniry (Miv) – Ao amin'ny Baiboly (Miv) **H.** Kely vatana (Miv) – Naoty **I.** Tampisaka (Miv) – Sondrotra **J.** Mari-danja – Kianteny – Lalam-pirenena (Miv) **K.** Aorian'ny amontana – Tofoka


### Valiny Teny mifanaraka 0247

***Mitsivalana***

1 Arivo – Vary 2. Ry – Lio (Miv) – Nan(o) 3. Tary – Tiana (Miv) 4. Anany (Miv) – Sy 5. Dadanareo 6. Vala (Miv) 7. Famokarana 8. Ora – Ana – (F)ak(o) 9. Ri – Akoho 10. Aoriana – Ao (Miv)

***Mitsangana***

A. Ditra (Miv) – Fora B. Riana – Ario D. Radama E. Voina – Mi F. O.I – Anaka G. La – Nanala (Miv) H. Nararaka I. Ana – Eva J. Raiso – Noho K. Inty – Sakoa


Tonga miaraka no fanombohana,miasa miaraka no fahombiazana
TIAKO I MADAGASIKARA
TIM
Amboary ny lalana eto Madagasikara
FILOHA
MARC RAVALOMANANA
faly tena faly
HIHAONA AMIN'NY
VAHOAKA
SABOTSY
25 AOGOSITRA 2018
MANOMBOKA @ 10 ORA MARAINA
KIANJA BE
MAHAMASINA
TONGAVA
MARO